"Tsy tsara raha irery ralehilahy. Andeha hanaovako namana sahaza ho azy izy". Nentin'Andriamanitra teo anoloan'i Adama avokoa ny karazam-biby amam-borona rehetra nisy. Nomen'i Adama anarana fiantso azy tsirairay avy izy ireo.

19

Mety tena nahira-tsaina tokoa i Adama matoa nahavita izany an! Saingy tsy nisy, na dia iray akory aza tamin'ireo vorona sy biby rehetra ireo, namana mba mety ho sahaza an'i Adama.

20

Nampatorian'Andriamanitra i Adama. Ary dia nakany ny taolan-tehezany, ka dia avy amin'izany no namoronany ny vehivavy. Ny vehivavy noforonin'Andriamanitra dia tena namana tonga lafatra tokoa ho an'i Adama.

21

Tao anatin'ny enina andro no namoronan'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Nony avy eo, Andriamanitra nanamasina ny andro fahafito, ka nanao izany ho andro fialan-tsasatra. Tena sambatra sy niadana aok'izany tokoa i Adama sy Eva niaina tao anatin'ny saha Edena.

22

Nankato an'Andriamanitra izy ireo. Andriamanitra izay sady Tompo, no Mpiahy, ary Naman'izy ireo.



23

Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao.
Amena. Jaona 3:16

Raha namorona izao tontolo izao Andriamanitra

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 1-2

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Malagasy

Raha namorona izao tontolo izao Andriamanitra



Nosoratan'i Edward Hughes
Sarin'i Byron Unger; Lazarus

Nadikan'i Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Nampifanarahin'i Bob Davies; Tammy S.

Tantara 1 amin'ny 60

M1914.org

Bible for Children, PO Box 3, Winnipeg MB R3C 2G1 Canada

Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Iza no namorona antsika olombelona? Ny Baiboly, ny tenin'Andriamanitra, dia manambara ny fiandohantsika olombelona. Taloha ela be, Andriamanitra dia namorona ny lehilahy voalohany izay nantsoany hoe Adama.



1

Andriamanitra namorona an'i Adama tamin'ny alalan'ny vovon-tany. Nitsofan'Andriamanitra fofon'aina mahavelona tao ambavoron'i Adama, ary dia tonga nanan'aina izy. Rehefa vita izany, napetrak'Andriamanitra tao amin'ny zaridaina mahafinaritra iray antsoina hoe Edena izy.

2

Talohan'ny namoronany an'i Adama, Andriamanitra dia nanao tontolo tena tsara feno zavatra mahafinaritra.



3

Miandalàna no namoron'Andriamanitra ny havoana sy ny lemaka, ny voninkazo mani-pofona sy ny hazo avo be, ny vorona tsara loko sy ny renintantely mpimonomonona, ny trozona goavambe sy ny sifotra maditidity. Raha fehezina dia, Andriamanitra avokoa no nanao ny zavatra rehetra

misy eto amin'izao tontolo izao.

4

Talohan'ny naharin'Andriamanitra izao rehetra izao, dia tsy nisy n'inon'inona tety afa-tsy Andriamanitra irery ihany. Tsy nisy olombelona, tsy nisy tany, tsy nisy rano. Foana! tena tsy nisy na inona na inona! Tsy nisy izany maizina sy mazava izany, tsy nisy ihany koa izany hoe ambony sy ambany izany, tsy nisy ny omaly sy ny ampitso. Fa Andriamanitra irery no tao. Nandray fanapaha-kevitra Andriamanitra hamorona tontolo vaovao.



5

Tamin'ny voalohany, Andriamanitra nanao ny lanitra sy ny tany.



6

Tsy nisy endriny sady foana ny tany. Feno haizina nandrakotra azy. Ary Andriamanitra niteny hoe: "Misia ny Mazava".



7

Dia nisy ny Mazava. Andriamanitra niantso ny mazava hoe "andro" ary ny maizina hoe "alina". Dia nisy ny maraina sy ny hariva. Andro voalohany izany.



8

Tamin'ny andro faharoa, Andriamanitra nampisaraka ny rano ho ranomasina, renirano, ary farihy. Ny andro fahatelo, Izy niteny hoe: "Aoka ho hita ny tany maina". Dia hita izany.



9

Nandidy ny ahimaintso, ny voninkazo, ny fakan-kazo ary ny hazo hitsiry Andriamanitra. Ary dia nitsiry izany. Ary nisy ny hariva sy ny maraina. Andro fahatelo izany.



10

Nony avy eo, Andriamanitra nahary ny masoandro, ny volana, ary ny kintana maro be tsy vitan'olombelona isaina. Ary dia nisy ny hariva sy ny maraina. Andro fahaefatra izany.

11

Ny biby miaina any anaty rano, ny hazandrano, ny voro-manidina no nataon'Andriamanitra manaraka nony avy eo. Ny andro fahadimy Izy, namorona ireo karazana hazandrano lehibe sy madinika, ireo ôtrisy lehibe lava ranjo, ary ireo voronkely mpisiontsioka falifaly lalandava.

12

Namorona karazana hazandrano marobe Andriamanitra, nameno ny rano rehetra teto an-tany. Nanao karazam-boromanidina maro be ihany koa izy, nameno ny tany sy ny habakabaky ny lanitra. Ary dia nisy ny hariva sy ny maraina. Andro fahadimy izany.

13

Taorian'izay, niteny indray Andriamanitra nanao hoe: "Aoka ny tany hamoaka ny zava-manan'aina isan-karazany". Ary tanteraka izany, ka nivoaka avokoa ireo karazam-biby maro samihafa: biby fiompy, bibikely, biby mandady sy mikisaka, araka ny karazany avy. Araka ny karazany avy. Toy ny Elefanta goavambe sy ny lalomena. Malai-mihetsika.

14

Ny Rajako fetsy ratsy sy ny voay donendrinendrina. Ny kankana miolakolana sy ny jaboady mipitipitika sahisahy. Ny jirafy lava tenda sy ny saka kely miraondraona. Tamin'io andro io no namoronan'Andriamanitra ny karazam-biby rehetra. Ary dia nisy ny maraina sy ny hariva. Andro fahaenina izany.

15

Namorona zavatra hafa ihany koa Andriamanitra tamin'io andro fahaenina io – zavatra tena miavaka sy hafakely mihitsy! Efa vonona daholo ny zavatra rehetra andraisana ny olombelona. Efa feno sakafo tany an-tsaha, efa nisy biby afaka hanompo azy ireo ihany koa.

16

Ary Andriamanitra niteny hoe: "Andao isika hanao olona tahaka ny endrintsika. Ary izy hanapaka ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao" ARY ANDRIAMANITRA NAMORONA NY OLONA ARAKA NY ENDRINY, ARAKA NY ENDRIK'ANDRIAMANITRA NO NAMORONANY NY OLONA …

17

Andriamanitra nilaza tamin'i Adama hoe: "Afaka mihinana izay tianao rehetra ato anaty zaridaina ianao, afa-tsy ny voan'iry hazo mampahafantatra ny tsara sy ratsy iry ihany. Raha mihinana ny voan'io hazo io ianao dia ho faty tokoa".

18